Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Jakôba Ilay Mpamitaka

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: M. Maillot; Lazarus
Alastair Paterson

Nampifanarahin'i: M. Kerr; Sarah S.

Nadikan'i: Mia Randria

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2022 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Andriamanitra ve efa nandefa zazakely ho an'ny fianakavianao? Tena mahafinaritra e? Tena mino aho fa hafaliana avo roa eny ny an'i Isahaka sy Rebekah. Hanome zaza kambana ho azy ireo Andriamanitra.

Niady ireo
zaza roa tao
an-kibon'i
Rebekah.
Nivavaka izy.

Nolazain'Andriamanitra
taminy fa ny zanany roa
lahy ho lasa mpitarika
firenena roa samihafa – ary
ny zandriny no ho olom-be
kokoa noho ny zokiny.

Matetika ny lahimatoa no olom-be kokoa. Nony ela ny ela, teraka ihany ny zazakely.

Tsy mitovy izy mirahalahy na kambana ary. Esao, ilay lahimatoa, voloina be ary lasa mpihaza mahay tokoa. Ny hoditr'i Jakôba kosa malamalama sady tia manao raharaha ao an-trano sy ny manodidina izy. Isahaka rain'izy ireo, tia kokoa an'i Esao. Ny reniny kosa tia
kokoa an'i Jakôba.

Indray andro, noana be i Esao. Hoy izy tamin'i Jakôba "Omeo sakafo aho". "Omeo ahy ary ny fizokianao", hoy kosa i Jakôba.

Esao tsy niraharaha ny fampanantenan'Andriamanitra ho an'ny lahimatoa akory. Noekeny ny fangatahan'i Jakôba ho takalon'ny sakafo, ka lasa i Jakôba indray izany no ho lohan'ny fianakaviana rehefa maty ny dadan'izy ireo.

Niteny tamin'i Isahaka Andriamanitra indray alina hoe: "Izaho no Andriamanitr'i Abrahama rainao. Miaraka aminao Aho. Hanasoa anao sy ny taranakao".



Na dia nanompo an'Andriamanitra ary anefa Isahaka, i Esao nanambady vehivavy roa avy amin'ny taranak'i Heta, firenena tsy miraharaha an'Andriamanitra.

Nihaantitra ary Isahaka. Hoy izy mantsy an'i Esao: "Mba itondray hena vao avy nohazaina aho. Ary hitso-drano anao aho avy eo". Tso-drano avy amin'ny ray ho an'ny zanany lahimatoa io tso-drano hafakely io. Lasa haingana nandeha nihaza i Esao.
Henon'i Rebekah nefa izany ary i Jakôba no tiany hahazo ny tso-drano.

Nanana hevitra i Rebekah. Mandra-pikarakarany ny sakafo tian'i Isahaka, nanao ny akanjon'i Esao i Jakôba, nasiany oditra biby be volombolony koa ny sandriny sy ny tendany. Efa tsy mahita tsara Isahaka. Angamba ho voafitaka izy.

Noentin'i Jakôba ho an'i
Isahaka ary ny sakafo.
"Ohatry ny feon'i Jakôba
ny feonao, nefa ny tananao
ohatry ny tanan'i Esao", hoy i
Isahaka. Nanome tso-drano
an'i Jakôba, izay
nandohalika teo
anoloany i
Isahaka
rehefa
avy nihinana
ny sakafo.

Tonga teo amin'i Isahaka i Esao nony vao lasa i Jakôba. "Ity ny sakafonao", hoy izy. Fantatr'i Isahaka fa voafitaka izy. "Tsy afaka manova ny tso-drano aho", hoy izy nitomany. Feno fankahalana an'i Jakôba i Esao ka nanapa-kevitra ny hamono azy.


Henon'i Rebekah anefa ny fandrahonana nataon'i Esao. "Mandehana ianao mankany amin'ny anadahiko, mandra-panadinon'ny rahalahinao ny zavatra nataonao", hoy izy. Nanaiky Isahaka fa tokony ho any amin'ny fianakavian'ny mamany i Jakôba hitady vady. Lasa niala tao an-tranony
ary i Jakôba.

Nony alina ny andro,
natory teo amin-ny
toerana iray i Jakôba;
vato no nataony ondana.
Mety nahatsiaro irery
na natahotra angamba
izy. Tsy irery anefa
izy. Niteny taminy
tamin'ny alalan'ny
nofy tena tsara
Andriamanitra.



"Izaho no Andriamanitr'i Abrahama sy i Isahaka rainao. Miaraka aminao Aho. Homeko anao ity tany ity. Ary amin'ny fianakavianao no hanasoavako ny fianakaviana rehetra eto an-tany". Nifoha i Jakôba rehefa avy niteny Andriamanitra.

Natahotra izy.

Nandray tsara an'i Jakôba i Labana dadatoany. Tia an'i Rakela zanak'anadahin'ny mamany i Jakôba ka niasa ho an'i Labana fito taona mba ho afaka ny hanambady azy.
Nony vita nefa ny fanambadiana dia
nofitahin'i Labana i Jakôba nony tonga ny alina.

Nitaraina i Jakôba hoe: "I Leah ity fa tsy i Rakela! Nofitahinao aho". Namaly Labana hoe: "Ny zokiny no tokony havoaka am-panambadiana voalohany. Afaka manambady an'i Rakela indray koa ianao fa miasà fito taona ho ahy indray". Nanaiky i Jakôba. Mety hoe tadidiny

Nanana zanakalahy iraika ambinifolo i Jakôba. Naniry mafy ny hitondra ny fianakaviany hody any Kanaana izy. Any no misy ny ray aman-dreniny. Fa Esao, izay nihanihana fa hamono azy koa anefa any.

Afaka miverina soa aman-tsara any ve izy? Indray andro, niteny taminy Andriamanitra hiverina any. Novorian'i Jakôba daholo ny fianakaviany sy ny biby fiompiny rehetra ary nanainga ny hody izy.

Lavitra sy sarotra tokoa ny dian'izy ireo. Tonga nitsena an'i Jakôba i Esao, niaraka tamin'ny vatan-dehilahy efa-jato!

Fa tsy nikasi-tanana
an'i Jakôba nefa izy.
Nihazakazaka namonjy an'i
Jakôba izy ary namihina
azy. Niverina mpinamana
indray i Jakôba sy i Esao,
ary tafaverina soa
aman-tsara tany amin'ny
taniny i Jakôba.

Jakôba Ilay Mpamitaka

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 25-33

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16